# 10 NY TONONKALO

## TANJONA

Mahafantatra ny atao hoe tononkalo sy ny mampiavaka azy amin'ny karazan-dahatsoratra hafa rehetra

## LESONA HOTADIDINA

**Famaritana**

Ny atao hoe tononkalo dia karazan-dahatsoratra ahitana fehezanteny vita andalana; izay mitovitovy halavana, mizara ho isan'andininy ka misy ny ba, ny ngadona, ny andalana ary ny rima.

**Ireo mampiavaka ny tononkalo**

Ny mampiavaka ny tononkalo amin'ny lahatsoratra hafa dia noho izy misy andalana, andininy, ngadona, rima na tsia, Ny tononkalo amin'ny maha kalo azy dia toy ny mihira zavatra na olona na tranga iray amin'ny endrika kanto, miavaka amin'ny an-davanandro. Teraky ny zava-misy ny tononkalo noho izany vokatry ny fihetseham-po. Mety ho hafaliana na hatezerana , na alahelo na fahatairana tsotra izao. Noho izany dia ahitana talenta famoronana sy fanoratana ao anatiny, fikaliana ombam-pihetseham-po.

**Fanamarihana**

Tsy vitsy amin'ireo tononkalo no misy manisy feony ka lasa tononkira, toy ny fahita amin'irony kalon'ny fahiny, ireo hira vitsivitsy ao amin'ny FIHIRANA Fanampiny ho an'ny Fiangoanana FJKM.

## Sahanasa 1

**Fanehoana sy fandinihana**

**Ny mpihiragasy**

Indreny fa tonga
Mivimbina amponga
Ny mpihira gasy
Ka ny mpitazana
Tia  vako-drazana
Toa taitram-basy,
Indreo fa milamina
Mihaminkamina
Manao faribolana
Miomankomana !

Fitiavan'I Neny
Ampiana hainteny
Dia kanto tokoa
Fa samy voalaza
Hatramin'ny zaza
Sy anatra soa !
Ohabolana ve ?
Voatantara sy re !
Mbola hafa sy tsara
Ilay Gasikara !

Manaraka indray,
Dia dihy amin'izay,
No hataonyhotazanina ;
Tsy mihambahamba ;
Ka toa mahafanina
Izato sangodina
Sy ngodongodon'
Ireo kingalahy
Izay hita fa sahy.

Afa-po ny mpijery
Ka mahazo hery
Ireo mpilalao
Fa hoby sy horaka,
Vola atoraka.
No hitanao.
Manamarina izany,
Fa mbola hafa ihany
Ny vazon'ny ela
Izay mbola tavela.

***Jeannot Ratsimbazafy in Fampitaha, n° 10, 1965, tak 25***

**Fanadihadiana lahatsoratra :**

***1- Lazao ny foto-kevitra ijoroan'ny tononkalo.***

***2- Hazavao ny hevitr'ireto teny ireto***

Mihaminkamina :

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………….

Kingalahy :

…………………………………………………………………………………………………………………………………………………….

***3- Diniho ny fihetsika ataon' ireo mpandray anjara amin'ny hiragasy ka ampifanandrifio amin'ny alalan'ny tsilo ny valiny marina.***

Mpihiragasy •

Mpijery •

- Mivimbina amponga.
- Manao faribolana.
- Migodongodona.
- Milamina.
- Mihoby.
- Manao sangodona.
- Mihorakoraka.
- Mandihy.
- Mitoraka vola.
- Mihaminkamina.

## Sahanasa 2

Indreny fa tonga
Mivimbina amponga
Ny mpihiragasy
Ka ny mpitazana
Tia  vako-drazana
Toa taitram-basy,
Indreo fa milamina
Mihaminkamina
Manao faribolana
Miomankomana !

- Diniho ny andininy voalohany, omeo ny isan'ny andalana.

- Avaho ny vanin-teny ao amin'ny andalana voalohany.

- Isao ary soraty eo ambany ny isan' ny vanin-teny ao amin'ny andalana voalohany

- Vakio io andalana io ary lazao hoe vanin-teny fahafiry no mitondra ny tsindrim-peo .

- Safidio amin'ireto ny anaran'ilay fiverimberenam-peo isaky ny faran'ny andalana: ngadona, sarinteny, tsaikona, rima.

- Fenoy amin'ireto teny ireto ny banga:
  andininy, rima, faran'andalana,  andalana,  tononkalo

*Eo amin'ny lafiny feo sy lantom-peo dia misy :*

- Ny ngadona : fifandimbiasan'ny vanim-peo malefaka sy mafy.
- ny ……………..: fiverenam-peo eo amin'ny …………………… .
- Eo amin'ny endriny ivelany dia misy :
- ……………….. ( ahitana andalana maromaro)
- ………………...( matetika dia mitovy halavana)

## Sahanasa 3

1- Ireto misy andalan-tononkalo, avaho ny vanin-teny isaky ny andalana ary omeo ny  rima,

Ny alina mantsy mangina
Ny zava-boary dia sina
Ny volana re no manjaka
Fa izy no tompon'ny laka

2- Manomeza andalan-tononkalo izay fantatrareo; avaho ny vanin-teny isaky ny andalana ary omeo ny rima

3- Manomeza andalan-tononkalo iray hafa; avaho ny vanin-teny isaky ny an-dalana ary omeo ny rima